KOLONTSAINA ARA-DALANA ANKAPOBENY
(culture juridique générale)

HERISETRA AMIN'NY ALALAN'NY TENY

(Violences verbales)

Ny famoahana teny miteraka fahavoazan'ny fahasalamana ara-moraly na ara-tsaina amin'ny niharan'izany dia heloka tsotra misazy iray ka hatramin'ny telo taona an-tranomaizina sy/na lamandy roa hetsy ka hatramin'ny roa tapitrisa ariary. Marihina fa herisetra mihatra noho ny maha-lahy na maha-vavy io voalaza io.

Proférer des paroles entraînant une dégradation de la santé psychologique à autrui est un délit puni d'un à trois ans d'emprisonnement et/ou d'une amende de deux cent à deux millions ariary. Cet article s'applique pour réprimer les violences verbales basées sur le genre.

Loi sur la lutte contre les VBG, Article 9

NY FAMOMBANA AN-KERINY

Ny fanafoanana na fanakanana ny fahafahana hiteraka na hanana taranaka tsy nahazoana fankatoavana amin'ny olona iharan'izany na tsy misy antony ara-pahasalamana misy fanamarinana avy amin'ny mpitsabo no atao hoe famombana an-keriny. Heloka tsotra misazy iray hatramin'ny dimy taona an-tranomaizina sy lamandy iray ka hatramin'ny dimy hetsy ariary izy io.
(Lalàna iadiana amin'ny herisetra noho ny maha-lahy na maha-vavy)

NY FIANTSOROHANA NY FANDANIANA EO ANIVON'NY TOKANTRANO

(la contribution aux charges du ménage)

Misy ny fandanian'ny lahy manokana, misy ny fandanian'ny vavy manokana, ary misy kosa ny fandanian'ny tokantrano. Anatin'izany fandanian'ny tokantrano izany ohatra ny hofan-trano, ny famelomana ny zanaka... Adidin'ny mpivady ny miara-miantsoroka ireo fandaniana eo anivon'ny tokantrano, ka ifampizarana araky ny fahefana ara-bolan'ny tsirairay izany ("facultés financières"). Ny fanambadiana izany dia tsy miteraka zo handray na hitantana ny karaman'ny vady, na amin'ny ampahany aza. Samy mitantana ny karamany satria zo fototra mifandray amin'ny zo hiasa izany. Ny ateraky ny fanambadiana kosa dia adidy amin'ny fanefana iraisana ireo fandaniana eo anivon'ny tokantrano. Raha misy disadisa eo amin'ny fanatontosana io adidy io dia tsy manan-jo handray na hitantana avy hatrany ny karama na ampahan-karaman'ny andaniny ny ankilany raha tsy misy didim-pitsarana manome alalana momba izany. Io didim-pitsarana io no mametra ny tokony ho aloan'ny tsirairay ho fandraisany anjarana amin'ny fiantsorohana ny fandaniana eo anivon'ny tokantrano.

NY HERISETRA ARA-BOLA EO ANIVON'NY TOKANTRANO

(les violences conjugales financières)

Ny fanaovana asa iray dia miteraka zo handray sy hisitraka ny karama mifandray amin'io asa io. Eo anivon'ny tokantrano, na misoratra ara-panjakana io na tsia, ny tsy famelana ny vady handray sy hisitraka tanteraka na amin'ny ampahany ny karama izay zony noho ny asa nataony dia heloka tsotra sazian'ny lalàna iadiana amin'ny herisetra noho ny maha-lahy na maha-vavy. Misazy lamandy iray ka hatramin'ny dimy hetsy ariary izany.
Lalàna iadiana amin'ny herisetra noho ny maha-lahy na vavy, andininy faha-12

NY FAMPAHAFANTARANA TOKONY HATAO RAHA MISY ZAZA IHARAN-DOZA

(La procédure de signalement d'enfant victime)
Ny antsoina hoe « zaza iharan-doza » dia :
- zaza iharan'ny herisetra (enfant maltraité) ara-batana, ara-tsaina, na tsy firaharahiana goavana izay mety hisy fiantraikany eo amin'ny fitomboany ;
- zaza tandindonin-doza (enfant en danger) noho ny tontolo manodidina azy ka mety hanohintohina ny fahasalamany, ny fianarany, ny fomba fisainany, ny fitomboany amin'ny ankapobeny na dia tsy hiharan'ny herisetra mivantana aza izy.

Adidin'ny olom-pirenena tsirairay, na fikambanana, na sekoly, ny mampahafantatra ny toe-draharaha eny amin'ny manam-pahefana akaiky azy (Fokontany, Firaisana, Polisy na Zandary).
Ny tatitra dia atao am-bava na an-tsoratra. Azon'ny mpanao tatitra ny mangataka ny hitazomana ny mombamomba azy ho tsiambaratelo. Tsy maintsy asian'ny manam-pahefana tohiny ny fampahafantarana izay natao ka adidiny no mitondra ny raharaha eny amin'ny Fitsarana.
Ny Mpitsara miandraikitra ny zaza tsy ampy taona kosa no mandray ny fepetra rehetra hiarovana ny zaza ary raha mety misy ny heloka dia anjaran'ny Mpitsara ao amin'ny Fampanoavana no manao ny fanenjehana.

Didim-pitsarana misolo sora-pahaterahana

Ny fangatahana didim-pitsarana misolo sora-pahaterahana dia natao ho an'ny olona tsy voasoratra ao amin'ny rejisitra mirakitra ny sora-pahaterahana tanatin'ny fe-potoana voalazan'ny lalàna. Ao amin'ny kaominina misahana ny toerana nahaterahana no misy io rejisitra voalaza io. Raha mbola tsy ampy taona ny olona angatahana io didy io dia ny ray aman-dreny na izay olona miahy azy no mampiditra ny fangatahana. Arak'izany, tsy natao ho fanovana taona ny didim-pitsarana misolo sora-pahaterahana (tsy afaka ovaina ny taonan'ny olona iray) ary heloka fanaovana hosoka ny filazana taona tsy marina anatin'ny antontan-taratasy.

NY FANGATAHANA ENY ANIVON'NY FITSARANA ADY MADIO

(Fangatahana ny filaza ny fampidiran-draharaha eny amin'ny ady madio raha fitoriana kosa ny eny amin'ny ady heloka)
Ireto avy no tokony ho hita ao anatiny:
1- Daty mazava
2- Momba ny mpangataka sy ny ankilany: anarana feno, toeram-ponenana
3- Votoatin'ny fangatahana (ohatra: fandroahana, fizarana lova, fitakiana trosa, fananganan-jaza...)
4- Anton'ny fangatahana (ohatra: mpanofa tsy nahaloa hofan-trano raha fandroahana, lova mbola iraisana raha fizarana lova, ...)
5- Porofo hanamafisana ny fangatahana (ohatra: titra tany na fifanekena fanofana raha fandroahana, kopia nahaterahana na fananganan-tena ho mpandova raha fizarana lova, fifanekena findramam-bola raha fitakiana trosa,...)
6- Sonia na lavo-tondron'ny mpangataka
Afaka atao amin'ny teny malagasy na teny frantsay ny fangatahana.
Afaka ampidirina amin'ny alalan'ny vadin-tany ny fangatahana (assignation).
Raha tsy mahay manoratra ny mpangataka dia misy mpiraki-draharaha afaka mandray sy manoratra ny fangatahana am-bava ataony eny anivon'ny Fitsarana.
Misy sarany ny fampidiran-draharaha amin'ny ady madio (ny ady heloka no maimam-poana), ka aloha eny amin'ny lehiben'ny firaiketan-draharahan'ny Fitsarana izany.

AHAMEHANA ARA-PAHASALAMANA

Ny fanambarana ny fahamehana dia mampitombo ny fahefana eo am-pelatanan'ny Fahefana Mpanatanteraka mandritry ny fotoana voafetra. Didim-panjakana no manao izany fanambarana fahamehana izany. Mba hahafahany miasa haingana ho fiatrehana toe-draharaha sarotra mety hanakorontana na manakorontana ny fiainam-bahoaka no anton' izany. Ny fahamehana ara-pahasalamana izany dia noho ny fiarovana na ho famerenana amin'ny laoniny ny fahasalamam-bahoaka.

Tafiditra ao anatin'izany fahefana mitombo izany ny momba ireto manaraka ireto :

- Fanerena sampan-draharaha na olona hiasa;
- Fisintomana sy fanagiazana fitaovana na entana eo am-pelatanan'ny olom-pirenena mba ahafahan'ny Fanjakana mampiasa azy ireo,
- Fandrindrana, fanaraha-maso sy famerana ny fifamezivezen'ny olona,
- Fandrindrana sy fanaraha-maso ny famatsiana ny tsena,
- Fanaraha-maso ny fihazonana fitaovam-piadiana.

Aorian'ny fanambarana ny fahamehana ara-pahasalamana ohatra dia afaka miroso amin'ny fanangonana fanafody eny amin'ireo toeram-pivarotana izany ny Fanjakana mba ahafahany mandrindra ny fampiasana ireo fanafody ireo.

Ny filàna ateraky ny hamehana ihany no manamarina sy mametra io fitomboam-pahefana io.

FANODIKODINANA ZAZA TSY AMPY TAONA

Fanodikodinana tamim-pitaka na herisetra

Misazy 05 hatramin'ny 10 taona an-tranomaizina io heloka tsotra io sy ny andrana hanatanteraka azy.

Lasa heloka bevava misazy an-terivozona mandrapahafaty kosa izany raha misy ny iray amin'ireto toe-javatra ireto:

1- latsakin'ny 15 taona ilay Zaza,

2- nampandoa vola na koa nanandrana ny hampandoa vola an'ireo olona nanana fahefana amin'ilay zaza ny voampanga ;

3- nitarika fahafatesan'ilay Zaza ny fakana an-keriny.

Raha miverina ilay zaza tsy ampy taona ary mbola velona soa aman-tsara alohan'ny hivoahan'ny didy manasazy dia mivadika ho sazy an-terivozona mandritry ny fotoana voafetra ny sazy.

Fanodikodinana tsy misy fitaka na herisetra

(zaza latsaky ny 18 taona)

Heloka tsotra izany, misazy 02 hatramin'ny 05 taona, miampy lamandy 100.000 Ariary hatramin'ny 900.000 Ariary. Raha toa kosa anefa ka nanao fisoratam-panambadiana ilay zaza tsy ampy taona sy ilay nanodikodina azy dia tsy maintsy aorian'ny fanafoanana ilay fanambadiana eny anivon'ny fitsarana ady madio vao afaka manonona ny sazy ny eo anivon'ny fitsarana ady heloka.

VOAMBOLANA SY FITENY MANOKANA EO AMIN'NY TONTOLON'NY FITSARANA (jargon judiciaire)

(lohahevitra nangatahinareo mpanaraka ny pejy)

Ireo takin'ny Fampanoavana mandritry ny fotoam-pitsarana ny votoatin-draharaha

Mialohan'ny teny farany avy amin'ny voampanga dia manao ny takiny ny mpitsaran'ny fampanoavana izay tompon'ny fanenjehana.

Toy izao ny hevitr'izany:

"Mitaky fampiharana ny lalàna" (application de la loi) = mitaky fanasaziana (izany hoe hitany fa meloka ny voampanga). Tsy midika izany fa afaka tsy ampiharina ny lalàna, izay no maha-voambolana manokana azy.

"Manankina amin'ny fahendren'ny Fitsarana" (s'en rapporte à justice) = tsy mitaky fanasaziana ny Fampanoavana (izany hoe rehefa nandeha ny ady hevitra ampahibemaso dia mahita ny mpitsaran'ny fampanoavana fa tsy feno ny fepetra takian'ny lalàna na koa tsy ampy ny porofo hilazana fa nisy ny heloka hiampangana).

Tsy voatery manaraka ny takin'ny mpitsaran'ny fampanoavana ny mpitsara mpamoaka didy.

NY FAHAFAHANA VONJIMAIKA

Zon'ny voafonja raha mbola tsy misy didim-pitsarana raikitra mikasika azy ny mangatahana fahafahana vonjimaika. Tsy voafetra ny fotoana manelanelana ny fidirana am-ponja sy ny fangatahana, izay hoe afaka angatahana amin'ny fotoana rehetra (en tout état de la procédure).
Raha eo anivon'ny Fitsarana ambaratonga voalohany dia fomba roa no azo angatahina izany mandritry ny famotorana:
- mandritry ny fakana am-bava eo anatrehan'ny mpitsara (fangatahana am-bava) ;
- fangatahana an-tsoratra ka ampandalovina ao amin'ny lehiben'ny mpandraharaha ny fonja izay mampita izany eny amin'ny Fitsarana.

Raha efa izany dia alefa any amin'ny fampanoavana ny antonta-taratasin'ady miaraka amin'ilay fangatahana hanaovany ny takiny mikasika izay fangatahana izany. Feran'ny lalàna ho 24 ora ny hihazonan'ny fampanoavana ny antonta-taratasin'ady, alefany any amin'ny efitra misahana ny fihazonana am-ponja vonjimaika avy eo (chambre de détention préventive).
Ity rafitra iray ity, izay misy mpitsara mpamoaka didy telo mandrafitra azy, no mandinika sy mamoaka didy ho valin'ilay fangatahana.
Raha efa nahazo datim-pitsarana kosa ny antonta-taratasin'ady, izany hoe efa vita ny famotorana, dia ny mpitsara mpamoaka didy no manana ny fahefana hitsara ny fangatahana fahafahana vonjimaika, anatin'ny fotoam-pitsarana no hanaovany izany. Entin'ny mpandraharahan'ny fonja miatrika fotoam-pitsarana noho izany ny mpanao ny fangatahana.
Raha mahazo fahafahana vonjimaika ilay voafonja dia mivoka avy hatrany raha toa ka tsy manao fampiakarana na appel ny fampanoavana. Raha nolavina kosa ny fangatahana dia mijanona am-ponja ihany izy, manan-jo ihany koa izy hanao fampiakarana ny didy tsy nahafa-po azy.
Ny rantsam-piampangana ambony (chambre d'accusation) izay eo anivon'ny Fitsarana ambony no mahefa mitsara momba ny fahafahana vonjimaika raha toa ka efa nisy didy amin'ny votoatin-draharaha nivoaka eo anivon'ny Fitsarana ambaratonga voalohany, izy ihany koa ny mitsara ny fampiakarana natao momba ny didy mikasika ny fahafahana vonjimaika teo amin'ny ambaratonga voalohany.

Solon-tsakafo

Vola alohan'ny ray na reny amin'ny reny na ray misahana ny fitaizana ny zaza iombonana no atao hoe solon-tsakafo. Apetraka avy hatrany any amin'ny filohan'ny Fitsarana ny fangatahana didy manery ny andaniny amin'ny fandoavana izany solon-tsakafo izany. Tokony ampiarahina amin'izany fangatahana izany ny taratasy manamarina fa zanak'ilay andaniny ny zaza antom-pisian'ny fangatahana (ohatra: kopia sora-pahaterahana), ny taratasy manamarina ny vola miditra amin'ny roa tonta (ohatra: fanamarinan-karama) sy ireo taratasy rehetra manamarina ny fandaniana momba ny zaza (ohatra: rosia nandoavana saram-pianarana). Mety mbola mitaky fanamarinana fanampiny ihany koa ny Mpitsara miandraikitra ny raharaha.
Pension alimentaire
Elle se définit comme la somme à verser par un parent à l'autre parent ayant la garde d'un enfant commun pour son entretien. La demande de décision judiciaire contraignant au paiement d'une pension alimentaire est à introduire directement auprès du Tribunal, à adresser au président. Les pièces justificatives du lien de filiation (ex:copie d'acte de naissance), des ressources financières des deux parties (ex: fiches de paie) et des dépenses prévisibles pour l'entretien de cet enfant (ex: reçu de paiement d'ecolages) doivent être jointes à la requête. Le magistrat en charge du dossier peut exiger le versement d'autres pièces.

NY SAZY MIHANTONA

Rehefa manonona sazy ny Fitsarana ady heloka dia marihiny hoe sazy mihatra na sazy mihantona. Ny sazy mihantona dia tsy tanterahina raha tsy misy fanaovan-keloka hafa ao anatin'ny dimy taona aorian'ny nanonona azy. Raha misy izany vao tanterahina ny sazy nahanton'ny Fitsarana, ankoatry ny sazy mifanaraka amin'ny heloka vaovao nataon'ny voaheloka. Raha tsy misy fanaovan-keloka hafa mandritry izany fe-potoana izany dia foana ny sazy nahantona. Ny heloka voalohany nataon'ny olona iray ihany ho afaka saziana sazy mihantona, ny manaraka dia sazy mihatra. Tsy voakasiky ny fanantonana ny onitra ho an'ny niharam-boina. Ny sazy noho ny fanaovan-keloka tsotra ihany no azo ahantona. Misy ihany koa ny karazan-keloka efa voalazan'ny lalàna fa tsy maintsy mihatra ny sazy mifandraika aminy (ohatra: ny heloka momba ny lavanila...).

LE SURSIS

La peine prononcée suite à une condamnation pénale est ferme ou assortie de sursis. L'exécution de la peine assortie de sursis est suspendue pendant un délai d'épreuve de cinq ans. Elle ne s'applique que lorsque le condamné se rend coupable d'une nouvelle infraction pendant ce délai d'épreuve, auquel cas la peine assortie de sursis s'exécute en plus de la peine nouvellement prononcée. Le cas échéant, passé le délai de 5 ans sans rechute, la condamnation avec sursis disparaît. Seul le délinquant primaire peut en bénéficier. Les dommages-intérêts sont exclus du champ du sursis. Seules les peines correctionnelles sont susceptibles de sursis. Le bénéfice du sursis est légalement interdit pour certaines infractions (les infractions relatives à la vanille,...).

NY DIDY FAMONJANA (MANDAT DE DÉPÔT) SY NY FANGATAHANA FAHAFAHANA VONJIMAIKA (DEMANDE DE MISE EN LIBERTÉ PROVISOIRE) EO ANIVON'NY FITSARANA AMBARATONGA VOALOHANY MOMBA IREO VOAMPANGA EFA FENO TAONA

Ny mpitsaran'ny fampanoavana, ny mpitsara mpanao famotorana ary ny mpitsara mpamoaka didy dia samy afaka mamoaka didy famonjana (mandat de dépôt). Telo vola tsy azo halavaina ny herin'ny didy famonjana avoakan'ny mpitsaran'ny fampanoavana. Momba ny didy famonjana avoakan'ny mpitsara mpanao famotorana, manan-kery mandritry ny valo volana izany raha fiampangana ho nanao heloka bevava no anenjehana ny voampanga. Azo halavaina in-droa izany ka enim-bolana ny fanalavana voalohany ary efa-bolana ny fanalavana faharoa. Raha ady heloka tsotra kosa dia manan-kery mandritry ny enim-bolana izany didy famonjana izany, azo halavaina in-droa ka telo volana tsirairay avy izany fanalavana izany. Ny rantsana misahana ny famonjana vonjimaika (chambre de détention préventive) no manana fahefana handidy ny fanalavana ny fe-potoana ihazonana am-ponja vonjimaika. Io rantsana io ihany koa no mitsara ny fangatahana fahafahana vonjimaika. Mpitsara mpamoaka didy telo no miara-manapaka anatin'izany rantsana izany. Rehefa mahazo datim-pitsarana ny raharaha dia ny mpitsara mpamoaka didy no manana fahefana handidy ny fanalavana sy hitsara ny fangatahana fahafahana vonjimaika. Telo volana ny herin'ny fanalavana didy famonjana avy amin'ny mpitsara mpamoaka didy. Rehefa mamoaka didy eo amin'ny votoatin'ny raharaha ihany koa izy dia afaka mamoaka didy famonjana (mandat de dépôt à l'audience) izay tsy feran'ny lalàna ny fe-potoana mampanan-kery azy.

Ny voampanga voahazona am-ponja no mangataka fahafahana vonjimaika an-tsoratra ka ampitain'ny mpandraharahan'ny fonja any amin'ny Fitsarana izany fangatahana izany. Raha tsy mahay manoratra ilay voafonja vonjimaika dia misy mpiraki-draharahan' ny fonja mandray an-tsoratra izany fangatahany izany. Afaka mangataka fahafahana vonjimaika am-bava ihany koa izy mandritry ny fotoana isehoany anatrehan'ny mpitsara (mandritry ny famotorana na mandritry ny fotoam-pitsarana ampahibemaso).

NY HALATRA

Ny halatra dia fakana antsokosoko ny fananan'ny hafa.
Ny sokajin-keloka telo dia samy ahitana halatra avokoa: misy ny halatra heloka madinika, ny halatra heloka tsotra ary ny halatra heloka bevava.
- Anisan'ny halatra heloka madinika ny fakana voankazon'olona am-potorany mba hoanina eo ihany (maraudage). Misazy lamandy sy/na sazy an-tranomaizina hatramin'ny 29 andro izany.
- Ireo halatra heloka tsotra kosa dia ireo halatra rehetra izay notanterahina tsy nampiasana fitaovana na tsy nisy toe-javatra voafaritry ny lalàna fa miteraka fitomboan-tsazy (circonstances aggravantes). Misazy lamandy sy/na sazy an-tranomaizina 6 volana hatramin'ny 5 taona.
Ireo toe-javatra miteraka fitomboan-tsazy dia mety hampiakatra ny sazy an-tranomaizina ho 5 hatramin'ny 10 taona. Mety ho noho ny fifandraisan'ny niharam-boina sy ny mpangalatra ny fitomboan-tsazy (halatra atao amin'ny mpampiasa), mety ho noho ny toerana nisehoan'ny heloka ihany koa (halatra atao amin'ny toerana fonenana), ...
- Misy ihany koa ireo toe-javatra miteraka fitomboan-tsazy izay mahalasa ny halatra ho heloka bevava. Anisan'izany ny halatra notanterahina miaraka amin'ny fitaovam-mpiadiana, natao tamin'ny alina, niarahan'olona maro, nisy herisetra na nampiasana fiara na nisy famakiana trano. Sazy an-terivozona no voatonon'ny lalàna ho an'ireo heloka bevava.
Misy ireo halatra izay fehezin'ny lalàna manokana noho ny lanja omen'ny fiaraha-monina ilay fananana nangalarina. Ny halatr'omby ohatra dia heloka bevava hatrany. Ny halatra lavanila ihany koa dia roa taona an-tranomaizina ny sazy ambany indrindra ary tsy maintsy sazy mihatra.
Tsy misy kosa ny halatra eo amin'ny mpivady na ny mpihavana akaiky (immunité familiale).

NY MPITSARA MPANAO FAMOTORANA
(Le juge d'instruction)

Mpitsara misahana ny fanadihadiana momba ireo raharaha sarotra ny mpitsara mpanao famotorana. Voasokajy ho sarotra, ohatra, ny raharaha misy voampanga tsy fantatra ara-pitsarana na nandositra, ny fiampangana ho nanao hosoka raha mandà izany fanaovana hosoka izany ny voampanga, ary ireo raharaha ady heloka bevava misazy mandra-pahafaty.
Ny mpitsaran'ny fampanoavana no mandefa ny antontan-taratasin'ady any aminy amin'ny alalan'ny "taky famotorana". Mijanona amin'ny toe-javatra izay nitakian'ny fampanoavana famotorana aminy ny fahefan'ny mpitsara mpanao famotorana saingy kosa afaka mampiditra olona tsy mbola voatonon'ny antontan-taratasin'ady voarainy ao anatin'ny raharaha izy raha mitondra ho amin'izany ny fanadihadiana ataony. Anatin'ny fahefany noho izany ny mamadika ny mpitory, na ny vavolombelona ho voampanga.
Manana fahefana hampiditra am-ponja vonjimaika izy. Saingy tsy afaka mandray anjara amin'ny fandinihina sy fandidiana momba ny fangatahana fahafahana vonjimaika ao anatin'ny antontan-taratasim-pamotorana izay sahaniny.
Rehefa mifarana ny fanadihadiana nataony dia mamoaka didy famaranana ny famotorana izy izay mety ho fanatsaharana ny fanenjehana, fampitanà ny antontan-taratasin'ady eny anivon'ny rantsam-piampangana ambony na koa fandefasana ho tsaraina. Tsy afaka mitsara farany ny raharaha izay efa naha-mpitsara mpanao famotorana azy ny mpitsara iray.
Le juge d'instruction est en charge des investigations sur les affaires complexes. Sont considérées comme des affaires complexes, en l'occurrence, celles avec des inculpés non identifiés ou en fuite, les affaires de faux contestés, et les affaires criminelles punies de peines perpétuelles.
Le juge d'instruction est saisi par un "réquisitoire introductif" émanant d'un magistrat du ministère public. Il est saisi "in rem" et non "in personam". Ce qui signifie qu'il est saisi pour les faits et non pour les personnes. Par conséquent, il doit enquêter seulement sur les faits visés par le ministère public mais il peut auditionner et/ou inculper toute personne, indépendamment de son statut dans le dossier initial.
Le juge d'instruction peut décerner un mandat de dépôt. Il ne peut, toutefois, faire partie de la formation statuant sur une demande de mise en liberté provisoire relative à un dossier dont il est ou était en charge.
En fin d'instruction, il rend une ordonnance de règlement qui peut consister en un non-lieu, en une transmission des pièces devant la chambre d'accusation de la cour d'appel, ou en un renvoi devant une juridiction de jugement. Un magistrat ne peut connaître en audience d'une affaire pour laquelle il a été le juge d'instruction.

NY FITARAINANA (FITORIANA) AMIN'NY ADY HELOKA

Tsy andoavam-bola ny fametrahana fitoriana. Manan-tsafidy ny mpitory rehefa hametraka izany:
- Na fitarainanana apetraka eny amin'ny mpitandro filaminana (Polisy na Zandary)
- Na fitoriana eny amin'ny fampanoavana, izany hoe eny anivon'ny Fitsarana.

Tokony ho hita ao anatin'ny fitarainanana:
- ny anarana sy fonenan'ny mpitory (mba ahafahana miantso azy rehefa hanao fihainoana ambava azy),
- ny fitantarana ny tranga anton'ny fitoriana,
- ny anaran'ny toriana (raha toa ka tsy fantatra dia atao fitarainanana momban'olona tsy fantatra na X)
- ny fonenan'ny toriana raha fantatra izany (ahafahana hitady azy).

Soniavin'ny mpitory ny taratasy fitoriany.

Ny lalàna dia tsy manery ny amin'ny fampandalovana ny fitarainanana eny amin'ny tompon'andraikitra eny amin'ny fokontany na kaominina. Ny fandalovana eny dia fahazarana mba hitandroana ny fiaraha-monina sao mbola misy raharaham-pihavanana azo atao.

Ny taratasy ampiarahina amin'ny fitarainanana kosa dia miankina amin'ny karazan-keloka itoriana ka ireo tompon'andraikitra voalaza etsy ambony ireo dia manana adidy hanoro izany.

NY FAMERENAN-KELOKA (LA RÉCIDIVE)

Misy ny famerenan-keloka raha toa ka ny olona iray izay efa voaheloka amin'ny alalan'ny didy raikitra noho ny toe-javatra iray no mbola voaheloka noho ny toe-java-baovao. Antony mampitombo ny sazy tononina amin'ny olona voalaza fa meloka ny famerenan-keloka raha feno ireo fepetra takian'ny lalàna mikasika izany fitomboan-tsazy izany. Mitombo avo roa heny noho izany ny sazy ambony indrindra.

Karazana fepetra telo no tanisain'ny lalàna mitarika ny fitomboan-tsazy noho ny famerenan-keloka:
- Ny maha-didy raikitra ilay didy nanameloka voalohany (condamnation définitive) , izany hoe didy efa tsy azo anaovana fampiakarana (appel) na fandravana (cassation);
- Ny fanaovana heloka indray (réitération d'infraction) ;
- Ny fe-potoana manelanelana ilay daty nahavitan'ny sazy voalohany (date d'expiration de la peine) na naha-maty paik'andro izany sazy izany (date de prescription de la peine) sy ny fotoana nanatanterahana ny heloka vaovao (date de commission de la nouvelle infraction) .

Ohatra 1: Misy fitomboan-tsazy noho ny famerenan-keloka tsotra miampy heloka tsotra raha feno ireto fepetra ireto:
- heloka tsotra mitovy na mitovitovy (ohatra halatra sy halatra, na halatra sy fivadiham-pitokisana)
- anatin'ny dimy taona manaraka ny fanamelohana voalohany ny fanaovan-keloka vaovao.

(La récidive de délit à délit est spéciale est temporaire)

Ohatra 2: Ny fitomboan-tsazy noho ny famerenan-keloka bevava miampy heloka bevava dia tsy misy fepetra momba ny karazan-keloka ary tsy misy fe-potoana ihany koa.

(La récidive de crime à crime est générale et perpétuelle)

NY rafitry ny Fitsarana ambaratonga voalohany (organisation du Tribunal de première instance)

Mizara roa mazava tsara ny Fitsarana:

- ny FAMOAHANA DIDY (siège) izay ny Filohan'ny Fitsarana (Président du tribunal) no mitarika azy;
- ny FAMPANOAVANA (parquet ou Ministère public) izay ny Tonia mpampanoa lalàna (Procureur de la République) no mitarika azy.

Eo ambany fitarihanan'ny filohan'ny Fitsarana ireo mpitsara mpamoaka didy (juges) sy ireo mpitsara mpanao famotorana(juges d'instruction). Feheziny ihany koa ireo mpiraki-draharaha (greffiers) izay ny lehiben'ny mpiraki-draharaha (greffier en chef) no mialoha azy. Ny mpitsara mamoaka didy no mitarika ny fotoam-pitsarana ampahibe-maso, na ady heloka na ady madio, ka mpamoaka ny didy momba izany avy eo. Miatrika ny vahoaka ny toerany rehefa ao anaty trano fitsarana ary mipetraka hatrany izy mandritry ny fotoam-pitsarana.

Ny tonia mpampanoa lalàna kosa no miandraikitra ny fanenjehana ara-keloka ka ireo mpitsara mpisolo mpampanoa(substituts du procureur) no manampy azy amin'izany. Misy koa eo anivony fampanoavana ireo mpiraki-draharaha (secrétaires du parquet) miatrika ireo mpitsara amin'ny fanaovana famotorana sy manao izay maha-tomombana ny fandefasana ny antontan-taratasin'ady hotsaraina. Latabatra eo ankavanan'ny latabatra misy ny mpitsara mpamoaka didy ny toeran'ny mpitsaran'ny fampanoavana ao anaty trano fitsarana, ary raha avy ety amin'ny mpanatrika dia mihorirana ny fahitana azy fa tsy manatrika. Mitsangana izy rehefa mandray fitenenana mandritry ny fotoam-pitsarana.

Ny Fitsarana mahefa amin'ny ady heloka (le tribunal territorialement compétent)

Ny Fitsarana misahana ny iray amin' ireto toerana ireto dia mahefa:

- Ny toerana nisamborana ny voampanga (lieu d'arrestation)
- Ny toerana nisehoan'ny tranga (lieu de commission de l'infraction)
- Ny toeram-ponenan'ny voampanga (lieu de domicile du prévenu).

NY FANANGANANA (l'adoption)

Misy karazany roa ny fananganana: fananganana tsotra (adoption simple) sy ny fananganana ara-pitsarana (adoption judiciaire ou adoption plénière).

Ny fananganana tsotra dia atao amin'ny alalan'ny fanambarana eny anivon'ny mpitahiry ny sora-piankohonana, izany hoe ny kaominina misahana ny toeram-ponenana. Ny fananganana ara-pitsarana kosa dia angatahina eny amin'ny Fitsarana Ambaratonga Voalohany, fangatahana alefa ao amin'ny filohan'ny Fitsarana satria ady madio. Raha misy tsy tera-tany malagasy ny roa tonta (adoption internationale) dia tsy maintsy fananganana ara-pitsarana no atao.

Ny fananganana tsotra dia mitahiry ny zo sy adidin'ny atsangana amin'ny ray aman-dreny niteraka azy, miampy ireo zo sy adidiny vaovao mampifandray azy amin'ny mpanangana azy. Ny fananganana ara-pitsarana kosa dia manafoana ny zo sy ny adidy mampifamatotra amin'ny ray aman-dreny niteraka. Anisan'ny Zo sy ny adidy voakasiky ny fananganana ohatra ny fikarakarana sy ny fandovana.

Ny lalàna laharana faha-2017 014 tamin'ny 27 jolay 2017 no mirakitra ny andinindininy momba ireo fepetra rehetra, ny fomba anatanterahana ary ny fiantraikan'ireo fananganana roa ireo.

Ny tsy fahamendrehana handova (l'indignité à succéder)

Didim-pitsarana no milaza ny tsy famendrehana handova ka manafoana ny zo maha-mpandova noho izany tsy fahamendrehana izany. Iray amin'ireo mpandova no afaka mangataka io didy io eny anivon'ny Fitsarana ady madio.

Ireto avy ireo antony tsy fahamendrehana handova voalazan'ny lalàna :

1- Ireo rehetra namono ny maty nametraka ny lova hozaraina, na nanandrana namono azy, na niray tsikombakomba tamin'izany famonoana na andrana famonoana izany;

2- Ireo rehetra nanao fanalam-baraka azy.

Didim-pitsarana no manamarina fa nisy ny famonoana na ny andrana hamono na ny fanalam-baraka.

3- Ny antony fahatelo miteraka tsy fahamendrehana handova dia ny fahalalana nefa tsy filazana ny namono ny olona holovaina eny anivon'ny Fitsarana. Tsy voakasik'io andraikitra hampilaza ny Fitsarana io anefa ny fianakavian'ilay namono, raha havany akaiky izany hoe ny ray aman-dreny, ny zanaka, ny vady, ny mpiray tampo, ny zanaky ny mpiray tampo, ny iray tampo amin'ny ray aman-dreny.

Raha misy lova izay any am-pelatanan'ny voadidy fa tsy mendrika ny handova dia averiny amin' ireo mpandova izany. Foana sy tsy manan-kery avokoa ireo fifanarahana nataony mikasika ireo lova izay tsy ananany zo.

NY FANIMBAZIMBANA FASANA NA TOERAM-PANDEVENANA (andininy 360 ao amin'ny fehezan-dalàna famaizana)

1- Ny fanimbazimbana amin'ny fandihizana eny ambony fasana ankoatra izay hatao mandritry ny lanonana ara-pomba amam-panao dia heloka tsotra voasazy 2 taona hatramin'ny 5 taona an-tranomaizina

2- Ny fanimbazimbana amin'ny alalan'ny fanimbana dia heloka bevava voasazin'ny sazy an-terivozona mandritry ny fotoana voafetra (5 hatramin'ny 20 taona)

3- Ny fanimbazimbana narahina halatra taolam-paty na zavatra hafa tao anaty fasana dia heloka bevava voasazin'ny sazy an-terivozona mandra-paha-faty

Tsy mihatra ny fanafoanana ny heloka halatra noho ny maha-mpianakavy voalazan'ny andininy 380 ao amin'ny fehezan-dalàna famaizana. Tsy misy fanalefahan-tsazy. Mihatra hatrany ny tsy fahazoa-mandia ny faritany nanatanterahana ny heloka.

LA PROFANATION DE TOMBEAUX OU DE SÉPULTURES (article 360 du code pénal)

1- L'acte de profanation en dansant sur les tombeaux en dehors des cérémonies coutumières est un délit puni de 2 à 5 ans d'emprisonnement

2- L' acte de profanation en violant les tombeaux ou sépultures est un crime puni de travaux forcés à temps (5 à 20 ans)

3- L' acte de profanation suivie de vols de restes mortels ou d'objets se trouvant à l'intérieur du tombeau ou de la sépulture est un crime puni de travaux forcés à perpétuité

Les immunités familiales (de l'article 380 du code pénal) en cas de vol ne sont pas applicables. Aucune circonstance atténuante ne peut être retenue. L'interdiction de séjour est toujours prononcée.

NY ANDRANA MANAO HELOKA / LA TENTATIVE D'INFRACTION

Ny andrana manao heloka bevava dia voasazy toy ny fanaovana ny heloka bevava hatrany. Ny andrana manao heloka tsotra kosa dia voasazy raha misy andinin-dalàna milaza manokana ny fanasaziana izany.

Ny andrana sazian'ny lalàna dia ny fanombohana fananterahana heloka izay tsy tontosa hatramin'ny farany na tsy tody tanjona noho ny antony tsy miankina amin'ny mpanandrana (ohatra: ny fahatongavan'ny mpitandro filaminana, ny fitsoahan'ny niharam-boina).

La tentative de crime est toujours punissable comme le crime lui-même. La tentative de délit n'est punissable que dans les cas déterminés par une disposition spéciale de la loi.

La tentative punissable est manifestée par un commencement d'exécution de l'infraction, qui n'a été suspendue ou n'a manqué son effet que par des circonstances indépendantes de la volonté de l'auteur (exemple: l'arrivée des agents de la force publique, la fuite de la victime)

NY FANOLANANA

Firaisana ara-nofo, na inona na inona karazany, natao tamin'olon-kafa tamin'ny alalan'ny herisetra, fanerena , fandrahonana na tampoka ny atao hoe fanolanana.

Heloka bevava misazy an-terivozona 5 hatramin'ny 20 taona ny fanolanana zaza 15 taona no midina ary ny fanolanana vehivavy hita fa mitondra vohoka na efa fantatry ny mpanao heloka.

Heloka tsotra misazy an-tranomaizina 5 hatramin'ny 10 taona ny fanolanana ankoatr'izay. Ny fikasana hanolana dia sazian'ny lalàna mitovy amin'ny fanolanana.

Heloka ny fanolanana na eo amin'ny mpivady aza.

Ny faneken'ny zaza tsy ampy taona dia tsy manan-kery eo anatrehan'ny lalàna ka fanolanana hatrany izany ny firaisana ara-nofo niarahana amin'ny zaza tsy ampy taona.

Tout acte de pénétration sexuelle, de quelque nature qu'il soit, commis sur la personne d'autrui par violence, contrainte, menace ou surprise est un viol.

Le viol commis sur un mineur de 15 ans ou moins, comme le viol commis sur une femme en état de grossesse apparente ou connue de l'auteur, est un crime puni de 5 à 20 ans de travaux forcés.

Les autres cas de viol sont des délits de grand correctionnel, donc punis de 5 à 10 ans d'emprisonnement. La tentative de viol est punissable comme le viol.

Le viol entre époux est punissable.

Le consentement du mineur ne vaut, un rapport sexuel avec un mineur est toujours un viol.

NY MANDRAFITRA NY FITSARANA ADY HELOKA BEVAVA

Ny mandrafitra ny Fitsarana ady heloka bevava dia mpitsara mpamoaka didy (magistrat de siège) iray ary mpitsara mpanampy maromaro (assesseurs). Efatra ny mpitsara mpanampy raha ady heloka bevava tsotra (cour criminelle ordinaire), mpitsara mpanampy telo ary mpitsara ny zaza tsy ampy taona iray kosa raha ady heloka bevava ho an'ny zaza tsy ampy taona (cour criminelle des mineurs), mpitsara mpanampy enina kosa raha ady heloka bevava manokana momba ny halatra omby (cour criminelle spéciale vol de bœufs).

Ny mpitsara mpanampy dia olom-pirenena izay nosarihina tamin'ny antsapaka ny anarany mialohan'ny fotoam-pitsarana ary ampanaovin'ny filohan'ny fotoam-pitsarana fianianana. Ireo olom-pirenena feno taona rehetra ka tsy mbola nisazy dia afaka misoratra anarana hirotsaka ho ao anatin'ny lisitry ny mety antsoina ho mpitsara mpanampy, tsy misy fepetra ny mari-pahaizana.

Ny andraikitry ny mpitsara, amin'ny maha-filohan'ny fotoam-pitsarana azy dia ny mitarika ny ady hevitra mba hanajana ny paik'ady voalazan'ny lalàna. Ny fampanaovana ambony dia soloin'ny mpisolo mpampanoa ambony na ny tonian'ny fampanoavana tena mandritra ny fotoam-pitsarana. Rehefa misintona handinika ny didy hivoaka dia mitovy lenta tanteraka ny mpitsara sy ny mpitsara mpanampy. Ady hevitra no atao ary tsanga-tanàna ny anapahana ny mahameloka na tsia ny voampanga iray, sy ny sazy raha meloka. Ny fanapahan-kevitry ny maro an'isa no lasa didy.

Ny Fitsarana ady heloka bevava tsotra sy ho an'ny zaza tsy ampy taona dia eo anivon'ny fitsarana ambony na Cour d'appel no hanatanterahana azy. Mpitsara avy ao amin'ny Fitsarana ambony izany no mitarika ny fotoam-pitsarana. Anisan'ny heloka bevava ireto manaraka ireto: vono olona ninana, fanapoizinana, fanolanana zaza tsy ampy taona.... Ny Ady Heloka Bevava manokana momba ny halatr'omby kosa dia eo anivon'ny fitsarana ambaratonga voalohany, ka mpitsara avy ao amin'ny Fitsarana ambaratonga voalohany no mitarika ny fotoam-pitsarana.

Halatra, fisolokiana sa fivadiham-pitokisana?

Ny halatra dia fakana antsokosoko, izany hoe tsy nisy fanekana na fifanarahana tamin'ny tompony. Ny fisolokiana sy ny fivadiham-pitokisana kosa dia nisy fifanarahana saingy nisy fitaka ihany koa.

Ny fifanesen'ny fotoana nisian'ny fifanarahana sy ny fitaka no anavahan'ny lalàna ny fisolokiana sy ny fivadiham-pitokisana. Fisolokiana no misy raha nisy ny fitaka (safeli-dratsy) mba hisian'ny fifanarahana ka nanomezana fananana iray, izany hoe fitaka aloha vao fanomezam-pananana. Fivadiham-pitokisana kosa raha misy fifanarahana an-tsitrapo saingy teo amin'ny fanatanterahana izany fifanarahana izany no nischo ny fivadihana na fitaka, izany hoe fifanarahana aloha vao fitaka.

Vol, escroquerie ou abus de confiance ?

Le vol est une soustraction frauduleuse, autrement dit, à l'insu du propriétaire. Dans l'escroquerie et l'abus de confiance, il a eu une remise par le propriétaire. La loi les distingue en déterminant l'ordre de évènements. Il y a une escroquerie s'il y a eu des manœuvres frauduleuses afin de provoquer la remise d'un bien (manœuvres dans un premier temps, remise dans un second temps). Il y a abus de confiance quand un accord a été librement consenti mais un détournement du bien remis à eu lieu dans l'exécution de cet accord (remise dans un premier temps, détournement dans un second temps).

NY FANGATAHANA ENY ANIVON'NY FITSARANA ADY MADIO

(Fangatahana ny filaza ny fampidiran-draharaha eny amin'ny ady madio raha fitoriana kosa ny eny amin'ny ady heloka)

Ireto avy no tokony ho hita ao anatiny:

1- Daty mazava

2- Momba ny mpangataka sy ny toriana: anarana feno, toeram-ponenana

3- Votoatin'ny fangatahana (ohatra: fandroahana, fizarana lova, fitakiana trosa, fananganan-jaza...)

4- Anton'ny fangatahana (ohatra: mpanofa tsy nahaloa hofan-trano raha fandroahana, lova mbola iraisana raha fizarana lova, ...)

5- Porofo hanamafisana ny fangatahana (ohatra: titra tany na fifanekena fanofana raha fandroahana, kopia nahaterahana na fananganan-tena ho mpandova raha fizarana lova, fifanekena findramam-bola raha fitakiana trosa,...)

6- Sonia na lavo-tondron'ny mpangataka

Afaka atao amin'ny teny malagasy na teny frantsay ny fangatahana.

Afaka ampidirina amin'ny alalan'ny vadin-tany ny fangatahana (assignation).

Raha tsy mahay manoratra ny mpangataka dia misy mpiraki-draharaha afaka mandray ny manoratra ny fangatahana am-bava ataony eny anivon'ny Fitsarana.

Misy sarany ny fampidiran-draharaha amin'ny ady madio (ny ady heloka no maimam-poana), aloha eny amin'ny lehiben'ny firaiketan-draharahan'ny Fitsarana. Tsy mihoatra ny 60.000ar ny saran'ny fampidiran-draharaha ady madio.

NY FANGATAHANA ENY ANIVON'NY FITSARANA ADY MADIO

(Fangatahana ny filaza ny fampidiran-draharaha eny amin'ny ady madio raha fitoriana kosa ny eny amin'ny ady heloka)

Ireto avy no tokony ho hita ao anatiny:

1- Daty mazava

2- Momba ny mpangataka sy ny toriana: anarana feno, toeram-ponenana

3- Votoatin'ny fangatahana (ohatra: fandroahana, fizarana lova, fitakiana trosa, fananganan-jaza...)

4- Anton'ny fangatahana (ohatra: mpanofa tsy nahaloa hofan-trano raha fandroahana, lova mbola iraisana raha fizarana lova, ...)

5- Porofo hanamafisana ny fangatahana (ohatra: titra tany na fifanekena fanofana raha fandroahana, kopia nahaterahana na fananganan-tena ho mpandova raha fizarana lova, fifanekena findramam-bola raha fitakiana trosa,...)

6- Sonia na lavo-tondron'ny mpangataka

Afaka atao amin'ny teny malagasy na teny frantsay ny fangatahana.

Afaka ampidirina amin'ny alalan'ny vadin-tany ny fangatahana (assignation).

Raha tsy mahay manoratra ny mpangataka dia misy mpiraki-draharaha afaka mandray ny manoratra ny fangatahana am-bava ataony eny anivon'ny Fitsarana.

Misy sarany ny fampidiran-draharaha amin'ny ady madio (ny ady heloka no maimam-poana), aloha eny amin'ny lehiben'ny firaiketan-draharahan'ny Fitsarana. Tsy mihoatra ny 60.000ar ny saran'ny fampidiran-draharaha ady madio.

Fanjanahana sa fananganana ?

Mba ilazana eo anatrehan'ny lalàna ny fifandraisana maha-ray/reny sy zanaka ny tanjon'ireo roa ireo.

Ny ray niteraka ihany no afaka manao ny fanjanahana. Ny fomba anaovana izany dia fanambarana eny anivon'ny biraon'ny kaominina misahana ny toerana nahaterahana.

Ny fananganana kosa dia ray na reny mitaiza na te hitaiza no manao izany (tsy ray na reny niteraka izany). Misy karazany roa ny fomba fanaovana izany: fanambarana eny amin'ny biraon'ny kaominina na fangatahana eny anivon'ny Fitsarana.

Reconnaissance ou adoption ?

Ces deux procédures tendent à l'établissement d'une filiation.

La reconnaissance est réservée exclusivement au père biologique. Elle est faite par voie de déclaration du père biologique auprès du centre d'état civil (mairie) du lieu de naissance.

L' adoption est la procédure de création de la filiation (le lien biologique paternel ou maternel n'existe pas). Elle est faite par voie déclaration auprès du centre d'état civil (mairie) ou par voie de demande introduite auprès du tribunal.

BIANCO

Ny Bianco dia tsy rafi-pitsarana fa sampan-draharaha manokana natao hiadivana @ kolikoly sy ireo heloka mifanahaka aminy.

Mitovy lenta amin'ny Polisy sy zandary izay fantatsika andavan'andro izy satria mandray fitorohana na fitoriana, manokatra fanadihadiana, mikaroka ny porofo rehetra hanamarinana ny fisian'ny heloka, ary misambotra sy manadihady ireo mety ho nanao izany. Ny mampiavaka ny BIANCO kosa dia tsy afaka manadihady heloka hafa ankoatry ny kolikoly sy ireo heloka mifanaraka amin'izany izy.

Rehefa vita ny fanadihadiana ataon'ny Bianco dia atolony ny fampanoavana eny amin'ny Fitsarana ny raharaha ka ity farany indray no manohy ny fanadihadiana momba izany. Ny Bianco izany dia singa iray miara-miasa amin'ny Fitsarana.

Tsy natao ho mpanao famotorana ihany anefa ny BIANCO fa natao hanabe (éducation) ary hisoroka (prévention) ny kolikoly. Mampianatra ny olom-pirenena izy ireo ary manabe ny ankizy sy tanora mba hanalavitra ny kolikoly.

VONO OLONA / HOMICIDES

Karazan'ny vono olona

1- Vono olona tsy nahy (noho ny tsy fitandremana na tsy fahamalinana), sazy 3 volana h@ roa taona an-tranomaizina
2- Vono olona niniana
3- Vono olona niniana nisy fanomanana mialoha na fiandrasana ny niharam-boina
4- Famonoana niniana natao amin'ny ray na ny reny
5- Famonoana niniana natao amin'ny zaza vao teraka

Ireo vono olona niniana rehetra dia voasazy asa an-terivozona mandra-pahafaty, ankoatry ny reny namono ny zanany vao teraka izay voasazy asa an-terivozona mandritry ny fotoana voafetra (5 hatramin'ny 20 taona).

Ny famonoana tena dia tsy heloka.

Les types d' homicides

1- Homicide involontaire (par maladresse, imprudence, négligence, inattention), puni de trois mois à deux ans d'emprisonnement
2- Meurtre = homicide volontaire
3- Assassinat = meurtre + préméditation ou meurtre + guet-apens
4- Parricide= meurtre de père ou mère légitime, naturel, adoptif ou de tout autre ascendant légitime
5- Infanticide= meurtre ou assassinat d'un nouveau-né

Tous les meurtres, simple ou aggravé, sont punis de travaux forcés à perpétuité, à l'exception de la mère auteure ou complice du meurtre ou de l'assassinat de son enfant nouveau-né.

La préméditation s'entend du dessein réfléchi, formé avant la commission.

Le guet-apens s'entend du fait d'attendre la personne visée, dans un lieu déterminé, pendant un certain temps, dans l'intention de commettre l'infraction.

L'homicide sur soi-même (suicide) n'est pas une infraction

FOTOAM-PITSARANA ADY HELOKA TSOTRA

Ny filohan'ny fotoam-pitsarana (président d'audience), izay mpitsara mpamoaka didy, no mitarika sy mandrindra ny ady hevitra eo anoloan'ny Fitsarana. Izy ilay mpitsara mipetraka miatrika ny vahoaka ary mipetraka hatrany mandritry ny fotoam-pitsarana.

Ny vadin-tany (huissier d'audience) no miantso ny olona voakasiky ny raharaha izay handeha ady hevitra araky ny fandaminana apetraky ny filohan'ny fotoam-pitsarana.

Araky ny fifanajana eo anivon'ny Fitsarana dia ireo raharaha antsoin'ny mpisolovava (avocat) no mandeha ady hevitra aloha. Manaraka azy ireo ny raharaha misy olona voafonja.

Izay tompondraharaha voantso no mandroso mijoro eny aloha. Ny voampanga dia mijoro ao anatin'ilay toeran'ny voampanga vita amin'ny hazo eo afovoany miatrika ny filoha, ny mpitory sy ny vavolombelona kosa dia eo @ sisiny havia sy havanan'ny voampanga.

Toy izao ny fizotrin'ny ady hevitra amin'ny ankapobeny:

1- Hamarinin'ny filoha ny mombamomba ireo tompon-draharaha
2- Avoaka ny trano fitsarana ireo vavolombelona mba tsy haheno ny fanazavana avy amin'ny mpitory sy ny voampanga
3- Vakiana ary ampahafatarina ny voampanga ny loham-piampangana hitondrana azy eo anoloan'ny Fitsarana
4- Mitondra ny fiarovan-tenany ny voampanga
5- Omen'ny filohan'ny fitoam-pitsarana fitenenana ny mpitsaran'ny fampanoavana (ilay mpitsara mipetraka eo amin'ny ankavanan'ny filoha, mitsangana izy rehefa mandray fitenenana) hametraka fanontaniana
6- Omeny fitenenana ihany koa ny mpisolovava hametraka fanontaniana
7- Mamaly ny fanontaniana sy mitondra ny fiarovan-tenany hatrany ny voampanga
8- Miroso amin'ny fametraham-panontaniana amin'ny mpitory ny sy vavolombelona ka ny filohan'ny fotoam-pitsarana hatrany no manontany voalohany, manaraka azy ny mpitsaran'ny fampanoavana ary farany ny mpisolovava. Ampanaovin'ny filoha fianianana ireo vavolombelona mahafeno ny fepetra takian'ny lalàna hanao izany (tsy fianakavian'ny manan-draharaha, tsy mbola nisazy, tsy mikarama na manakarama ny iray amin'ireo manan-draharaha).
9- Ho famaranana ny ady hevitra dia mametra ny onitra angatahiny ny mpitory na ny mpisolovava azy izay mitondra ny fehin-teny fiarovana ny zony, milaza sy manazava ny takiny ny mpitsaran'ny fampanoavana, ary mamarana ny ady hevitra ny fehin-teny fiarovana avy amin'ny mpisolovavan'ny voampanga, mialoha ny tenin'ny voampanga farany.
10- Mamoaka didy eo ho eo ny filohan'ny fotoam-pitsarana na koa mametraka ny raharaha hodinihiny ka milaza ny daty amoahany ny didim-pitsarana.

Azo anaovana fampiakarana (appel) anatin'ny folo andro aorian'ny nivoahan'ny didy ny raharaha raha misy tsy afa-po amin'ny didy nivoaka ireo mpiady.

NY FIRAISANA TSIKOMBAKOMBA/ LA COMPLICITE

Misy karazany telo ny firaisana tsikombakomba:
1- Amin'ny alalan'ny fampirisihana, na fanomezana toro-hevitra na toro-marika
2- Amin'ny alalan'ny fanomezana fitaovana
3- Amin'ny alalan'ny fanampiana eo am-panatanterahana ny heloka
Ny firaisana tsikombakomba ho fanatanterahana heloka bevava sy heloka tsotra no sazian'ny lalàna, tsy voakasika noho izany ireo heloka madinika. Mitovy amin'ny sazin'ny mpanatanteraka ny heloka ny sazin'ny mpiray tsikombakomba aminy.
La loi prévoit trois types de complicité:
1- Par instigation ou fourniture d'instruction
2- Par fourniture de moyen
3- Par aide et assistance
Est punissable la complicité en vue ou dans la commission d'un crime ou d'un délit, à l'exclusion des contraventions. Le complice est puni des mêmes peines que l'auteur.

NY DIDY FAMONJANA (MANDAT DE DÉPÔT) SY NY FANGATAHANA FAHAFAHANA VONJIMAIKA (DEMANDE DE MISE EN LIBERTÉ PROVISOIRE) EO ANIVON'NY FITSARANA AMBARATONGA VOALOHANY MOMBA IREO VOAMPANGA EFA FENO TAONA

Ny mpitsaran'ny fampanoavana, ny mpitsara mpanao famotorana ary ny mpitsara mpamoaka didy dia samy afaka mamoaka didy famonjana (mandat de dépôt). Telo vola tsy azo halavaina ny herin'ny didy famonjana avoakan'ny mpitsaran'ny fampanoavana. Momba ny didy famonjana avoakan'ny mpitsara mpanao famotorana, manan-kery mandritry ny valo volana izany raha fiampangana ho nanao heloka bevava no anenjehana ny voampanga. Azo halavaina in-droa izany ka enim-bolana ny fanalavana voalohany ary efa-bolana ny fanalavana faharoa. Raha ady heloka tsotra kosa dia manan-kery mandritry ny enim-bolana izany didy famonjana izany, azo halavaina in-droa ka telo volana tsirairay avy izany fanalavana izany. Ny rantsana misahana ny famonjana vonjimaika (chambre de détention préventive) no manana fahefana handidy ny fanalavana ny fe-potoana ihazonana am-ponja vonjimaika. Io rantsana io ihany koa no mitsara ny fangatahana fahafahana vonjimaika. Mpitsara mpamoaka didy telo no miara-manapaka anatin'izany rantsana izany. Rehefa mahazo datim-pitsarana ny raharaha dia ny mpitsara mpamoaka didy no manana fahefana handidy ny fanalavana sy hitsara ny fangatahana fahafahana vonjimaika. Telo volana ny herin'ny fanalavana didy famonjana avy amin'ny mpitsara mpamoaka didy. Rehefa mamoaka didy eo amin'ny votoatin'ny raharaha ihany koa izy dia afaka mamoaka didy famonjana (mandat de dépôt à l'audience) izay tsy feran'ny lalàna ny fe-potoana mampanan-kery azy. Ny voampanga voahazona am-ponja no mangataka fahafahana vonjimaika an-tsoratra ka ampitain'ny mpandraharahan'ny fonja any amin'ny Fitsarana izany fangatahana izany. Raha tsy mahay manoratra ilay voafonja vonjimaika dia misy mpiraki-draharahan' ny fonja mandray an-tsoratra izany fangatahany izany.

NY SAZY MIHANTONA

Rehefa manonona sazy ny Fitsarana ady heloka dia marihiny hoe sazy mihatra na sazy mihantona. Ny sazy mihantona dia tsy tanterahina raha tsy misy fanaovan-keloka hafa ao anatin'ny dimy taona aorian'ny nanonona azy. Raha misy izany vao tanterahina ny sazy nahanton'ny Fitsarana, ankoatry ny sazy mifanaraka amin'ny heloka vaovao nataon'ny voaheloka. Raha tsy misy fanaovan-keloka hafa mandritry izany fe-potoana izany dia foana ny sazy nahantona. Ny heloka voalohany nataon'ny olona iray ihany ho afaka saziana sazy mihantona, ny manaraka dia sazy mihatra. Tsy voakasiky ny fanantonana ny onitra ho an'ny niharam-boina. Ny sazy noho ny fanaovan-keloka tsotra ihany no azo ahantona. Misy ihany koa ny karazan-keloka efa voalazan'ny lalàna fa tsy maintsy mihatra ny sazy mifandraika aminy (ohatra: ny heloka momba ny lavanila...).
LE SURSIS
La peine prononcée suite à une condamnation pénale est ferme ou assortie de sursis. L'exécution de la peine assortie de sursis est suspendue pendant un délai d'épreuve de cinq ans. Elle ne s'applique que lorsque le condamné se rend coupable d'une nouvelle infraction pendant ce délai d'épreuve, auquel cas la peine assortie de sursis s'exécute en plus de la peine nouvellement prononcée. Le cas échéant, passé le délai de 5 ans sans rechute, la condamnation avec sursis disparaît. Seul le délinquant primaire peut en bénéficier. Les dommages-intérêts sont exclus du champ du sursis. Seules les peines correctionnelles sont susceptibles de sursis. Le bénéfice du sursis est légalement interdit pour certaines infractions (les infractions relatives à la vanille,...).

NY ZON'NY VADY NAVELA

Manatsahatra ny fanambadiana ny fahafatesana ka noho izany dia miteraka fitsaharan'ny fiombonam-pananana, tahaky ny fisaraha-panambadiana. Raha tsy nisy fifanarahana manokana teo amin'ny roa tonta dia mizara mira ny fananana sy ny trosa niombonana. Tsy lova iny fa efa fananan'ny vady navela izay nikambana tamin'ny an'ny maty nandritry ny fanambadiana. Ny atao hoe lova manko dia fananan'ny maty izay hafindra amin'ny velona. Rehefa hanao fizarana lova izany dia esorina aloha ny fananan'ny vady navela vao zaraina amin'ireo mpandova ny fananan'ny maty.

NY FANDOVÀNA TSY MISY DIDY MIAFINA

Mametraka filaharan'ny kilasin'ireo mpandova ny lalàna. Ny fisian'ny mpandova amin'ny kilasy eo aloha dia manafoana ny zon'ny mpandova anatin'ny kilasy aorina. Ao anatin'ny kilasy iray dia tsy misy fanavahana ny lahy sy vavy ary tsy misy fijerena ny filaharan'ny daty nahaterahana.
Toy izao ny filaharan'ireo kilasy ireo:
1- Zanaka
2- Zafikely
3- Ray sy reny
4- Iray tampo
5- Zanakin'ny mpiray tampo
6- Iray tampo amin'ny ray sy reny
7- Zanakin'ny mpiray tampo amin'ny ray sy reny
8- Vady navela
9- Fanjakana
Afaka atao raharaham-pihavanana na entina eny amin'ny Fitsarana ny fizarana lova. Tsy voatery ny mpandova rehetra no miara- mangataka ny fizarana lova eny anivon'ny Fitsarana fa mpandova iray ihany dia afaka manao izany. Ady madio ny fangatahana fizarana lova, noho izany dia aterina avy hatrany any amin'ny filohan'ny Fitsarana ambaratonga voalohany izany. Ampiarahina amin'izay fangatahana izany ny kopian'ny sora-pahafatesan'ny maty izay holovaina, ny lisitry ny mpandova sy ny porofo manamarina ny maha-mpandova (raha zanaka ohatra dia ny porofo maha-zanaka izany hoe ny kopian'ny sora-pahaterahana), ny lisitra sy ny porofo momba ny fananan'ny maty raha efa voafaritra izany. Ankoatr' ireo ny porofo angatahan'ny mpitsara miandraikitra ny raharaha.

Rafitry ny Fitsarana ambaratonga voalohany (organisation du Tribunal de première instance)

Mizara roa mazava tsara ny Fitsarana:

- ny FAMOAHANA DIDY (siège) izay ny Filohan'ny Fitsarana (Président du tribunal) no mitarika azy;
- ny FAMPANOAVANA (parquet ou Ministère public) izay ny Tonia mpampanoa lalàna (Procureur de la République) no mitarika azy.

Eo ambany fitarihanan'ny filohan'ny Fitsarana ireo mpitsara mpamoaka didy (juges) sy ireo mpitsara mpanao famotorana(juges d'instruction). Fehezinv ihany koa ireo mpiraki-draharaha (greffiers) izay ny lehiben'ny mpiraki-draharaha (greffier en chef) no mialoha azy. Ny mpitsara mamoaka didy no mitarika ny fotoam-pitsarana ampahibe-maso, na ady heloka na ady madio, ka mpamoaka ny didy momba izany avy eo. Miatrika ny vahoaka ny toerany rehefa ao anaty trano fitsarana ary mipetraka hatrany izy mandritry ny fotoam-pitsarana.
Ny tonia mpampanoa lalàna kosa no miandraikitra ny fanenjehana ara-keloka ka ireo mpitsara mpisolo mpampanoa(substituts du procureur) no manampy azy amin'izany. Misy koa eo anivony fampanoavana ireo mpiraki-draharaha (secrétaires du parquet) miatrika ireo mpitsara amin'ny fanaovana famotorana sy manao izay maha-tomombana ny fandefasana ny antontan-taratasin'ady hotsaraina. Latabatra eo ankavanan'ny latabatra misy ny mpitsara mpamoaka didy ny toeran'ny mpitsaran'ny fampanoavana ao anaty trano fitsarana, ary raha avy ety amin'ny mpanatrika dia mihorirana ny fahitana azy fa tsy manatrika. Mitsangana izy rehefa mandray fitenenana mandritry ny fotoam-pitsarana.

IREO SOKAJIN- KELOKA (les types d'infractions)

Ny lalàna dia mamaritra fa misy sokajy 3 ny heloka:
- ny heloka madinika (contravention);
- ny heloka tsotra (délit);
- ny heloka bevava (crime).

Singa maromaro no enti-manavaka azy ireo:

A- Ny fe-potona ahafahana manenjika izay isaina manomboka eo amin'ny daty nisehoan'ny tranga mety ho heloka (prescription de l'action publique) :
1 taona ho an'ny heloka madinika,
3 taona ho an'ny heloka tsotra,
10 taona ho an'ny heloka bevava.

B- Ny sazy mety hianjady (les peines) :
Famonjana hatramin'ny 29 andro ho an'ny heloka madinika,
Famonjana hatramin'ny 10 taona ho an'ny heloka tsotra,
Sazy an-terivozona mandritry ny fotoana voafetra (5 hatramin'ny 20 taona) na mandra-pahafaty ho an'ny heloka bevava.
Ankoatr'ireo ny lamandy sy ny onitra.

D- Ny fe-potoana ahafahana misambotra ny olo-meloka iray mba ampiharana aminy ny sazy voatonona raha mbola tsy eo am-pelatanan'ny Fitsarana izy, izay isaina manomboka eo amin'ny daty nanononana ny sazy (prescription de la peine):
2 taona ho an'ny heloka madinika,
5 taona no an'ny heloka tsotra,
20 taona ho an'ny heloka bevava.

Arakaraky ny tranga niseho sy ny sokajin-keloka manasazy izany no isafidianan'ny mpitsaran'ny Fampanoavana ny paikam-panenjehana arahina.

Ohatra: Ny heloka madinika sy ny heloka tsotra dia azo enjehina amin'ny "fandefasana mivantana" any amin'ny fotoam-pitsarana. Ny heloka tsotra sy ny heloka bevava voasazy an-terivozona mandritry ny fotoana voafetra dia azo enjehina amin'ny "famotorana mehana". Raha tsy mbola fantatra na misy tsy fantatra ny voampanga, na koa voasokajy ho heloka bevava voasazy mandra-pahafaty ilay tranga, dia tsy maintsy "fanadihadiana lalina " no anenjehina azy.

Fanitsiana sora-piankohonana

Misy karazany maro ny sora-piankohonana: sora-pahaterahana, sora-panjanahana, sora-pananganana, sora-panambadiana, sora-pahafatesana,...

Ny Fitsarana ady madio no mandidy ny fanitsiana ny sora-piankohonana misy hadisoana. Ireo hadisoana madinika teo anivon'ny firaiketana no ahitsy (ohatra: 1-Rakoto ny anaran'ny rain'ny zaza saingy Rkoto no voasoratra anatin'ny sora-pahaterahana, 2- Teraka 14 aprily ny olona iray saingy 24 aprily no voasoratra anatin'ny sora-panambadiany). Ny tompon'ny sora-piankohonana misy diso ihany no mangataka ny fanitsiana eny anivon'ny Fitsarana. Raha mbola latsaky ny 21 taona anefa izy dia ny rainy na ny reniny no manao izany. Raha sora-pahafatesana kosa no angataham-panitsiana dia ny mpandova no mangataka izany.

Aterina eny amin'ny Filohan'ny Fitsarana misahana ny kaominina niraiketana ilay sora-piankohonana ahitsy ny fangatahana. Ampiarahina amin'ny fangatahana ny kopian'ilay sora-piankohonana diso sy ny porofo hanamarinana ny hadisoana (ohatra 1- Raha ny anaran'ny ray no diso dia ampiarahina ny kopia sora-pahaterahan'ny ray na kopia sora-panambadian'ny ray sy reny). Raha fanitsiana sora-pahafatesana dia ampiarahina ihany koa ny porofo maha-mpandova. Ankoatriny ny porofo takian'ny mpitsara misahana ny raharaha ireo.

Rehefa azo ny didim-pitsarana dia entina eny amin'ny kaominina mitazona ny rejistra misy ny sora-piankohonana diso mba hanaovan'ny mpiandraikitra izany ny fanitsiana

Ny andraikitry ny fampanoavana @ ny fanenjehana.

Ny fampanoavana no tompon'ny fanenjehana: izy no manapa-kevitra hanenjika na tsia ny olona iray, na misy na tsia ny fitoriana, ary misafidy ny paikam-panenjehana eo anivon'ny Fitsarana.
Rehefa misy tranga miendrika fandinkan-dalàna fantany (tsy nisy fitoriana) na nampahafantarina azy (nisy fitoriana) dia ny manokatra fanadihadiana izy ka mandefa ny antontan-taratasim-panenjehana eny @ mpitandro filaminana miaraka amin'ny toro-marika ho fanatanterahana ny fanadihadiana tokony hatao.
Rehefa vita ny famotorana dia miverina any aminy ny antontan-taratasin'ady. Miankina amin'ny toro-marika azony tamin'ny fampanoavana , entin'ny mpitandro filaminana eo anatrehan'ny Fitsarana miaraka amin'izany ireo voakasiky ny raharaha na tsia. Misafidy ny paikam-panenjehana arahina eo anivon'ny Fitsarana ny mpitsaran'ny fampanoavana avy eo. Safidy telo no omen'ny lalàna azy amin'izany:
1- Fandefasana mivantana any amin' ny fotoam-pitsarana (raha toa ka tsy ilaina fanadihadiana fanampiny fa ampy ny nataon'ny mpitandro filaminana) ;
2- Famotorana mehana (hanao fanadihadiana fanampiny ny mpitsaran'ny fampanoavana) ;
3- Fanadihadiana lalina (alefany any amin'ny mpitsara mpanao famotorana ny ady hanaovana fanadihadiana lalina noho ny fahasarotan'ilay toe-draharaha).
Le rôle du ministère public ("parquet" dans le jargon judiciaire) dans la poursuite
Maître de la poursuite, le parquet a l'opportunité de la poursuite, c'est-à-dire décide qui poursuivre indépendamment d'une plainte, et choisit la procédure de poursuite judiciaire à suivre.
Le parquet, en connaissance de faits susceptibles d'être constitutifs d'infraction pénale suite à une plainte ou non, déclenche la poursuite en transmettant le dossier vers la police judiciaire (gendarmerie ou police nationale) avec les instructions pour la réalisation de l'enquête. Le dossier lui est rendu après cette enquête. Conformément à ses instructions, les personnes concernées par le dossier peuvent être déférées devant le parquet.
À ce stade de la procédure, le magistrat du parquet choisit la voie de poursuite pour traiter le dossier. La loi lui offre trois alternatives:
1- la citation directe des personnes concernées à une audience (si aucune investigation supplémentaire n'est utile, le PV d'enquête de la police judiciaire étant suffisant),
2- l'information sommaire (le magistrat du parquet décide de procéder lui-même à une investigation supplémentaire),
3- l'instruction préparatoire (le magistrat du parquet décide de saisir le juge d'instruction pour procéder à des investigations approfondies, l'affaire étant complexe)

Kara-tany sy titra tany

Samy manamarina ny fananan-tany ireo roa ireo. Manan-danja kokoa ny titra noho ny kara-tany.
Ny kara-tany dia omen'ny birao ifoton'ny fananan-tany (BIF) eny anivon'ny kaominina. Roa ny fepetra takian'ny lalàna mialohan'ny anomezana izany: tany tsy misy titra ary fipetrahana an-taonany maro tsy nisy fanelingelenana teo amin'ny tany.
Ny kara-tany dia azo avadika ho titra eny anivon'io Sampan-draharaha misahana ny fananan-tany.
Certificat foncier et titre foncier
Ces deux documents attestent de la qualité de propriétaire d'un bien immobilier. Le titre foncier prévaut sur le certificat foncier.
Le certificat foncier est délivré par le guichet foncier qui est rattaché à la Commune. La loi exige deux conditions cumulatives pour la délivrance d'un certificat foncier: un terrain non titré et une occupation continue et paisible.
Le certificat foncier peut être transformé en titre foncier auprès du Service des domaines

Ny fametrahana fitarainanana (na fitoriana) amin'ny ady heloka

Tsy andoavam-bola ny fametrahana fitoriana. Manan-tsafidy ny mpitory rehefa hametraka izany:
- Na fitarainanana apetraka eny amin'ny mpitandro filaminana (Polisy na Zandary)
- Na fitoriana eny amin'ny fampanoavana, izany hoe eny anivon'ny Fitsarana.

Tokony ho hita ao anatin'ny fitarainanana:
- ny anarana sy fonenan'ny mpitory (mba ahafahana miantso azy rehefa hanao fihainoana ambava azy),
- ny fitantarana ny tranga anton'ny fitoriana,
- ny anaran'ny toriana (raha toa ka tsy fantatra dia atao fitarainanana momban'olona tsy fantatra na X)
- ny fonenan'ny toriana raha fantatra izany (ahafahana hitady azy).

Soniavin'ny mpitory ny taratasy fitoriany.
Ny lalàna dia tsy manery ny amin'ny fampandalovana ny fitarainanana eny amin'ny tompon'andraikitra eny amin'ny fokontany na kaominina. Ny fandalovana eny dia fahazarana mba hitandroana ny fiaraha-monina sao mbola misy raharaham-pihavanana azo atao.
Ny taratasy ampiarahina amin'ny fitarainanana kosa dia miankina amin'ny karazan-keloka itoriana ka ireo tompon'andraikitra voalaza etsy ambony ireo dia manana adidy hanoro izany.

Solon-tsakafo

Vola alohan'ny ray na reny amin'ny reny na ray misahana ny fitaizana ny zaza iombonana no atao hoe solon-tsakafo. Apetraka avy hatrany any amin'ny filohan'ny Fitsarana ny fangatahana didy manery ny andaniny amin'ny fandoavana izany solon-tsakafo izany. Tokony ampiarahina amin'izany fangatahana izany ny taratasy manamarina fa zanak'ilay andaniny ny zaza antom-pisian'ny fangatahana (ohatra: kopia sora-pahaterahana), ny taratasy manamarina ny vola miditra amin'ny roa tonta (ohatra: fanamarinan-karama) sy ireo taratasy rehetra manamarina ny fandaniana momba ny zaza (ohatra: rosia nandoavana saram-pianarana). Mety mbola mitaky fanamarinana fanampiny ihany koa ny Mpitsara miandraikitra ny raharaha.
Pension alimentaire
Elle se définit comme la somme à verser par un parent à l'autre parent ayant la garde d'un enfant commun pour son entretien. La demande de décision judiciaire contraignant au paiement d'une pension alimentaire est à introduire directement auprès du Tribunal, à adresser au président. Les pièces justificatives du lien de filiation (ex:copie d'acte de naissance), des ressources financières des deux parties (ex: fiches de paie) et des dépenses prévisibles pour l'entretien de cet enfant (ex: reçu de paiement d'ecolages) doivent être jointes à la requête. Le magistrat en charge du dossier peut exiger le versement d'autres pièces.

Fanjanahana sa fananganana ?

Mba ilazana eo anatrehan'ny lalàna ny fifandraisana maha-ray/reny sy zanaka ny tanjon'ireo roa ireo.
Ny ray niteraka ihany no afaka manao ny fanjanahana. Ny fomba anaovana izany dia fanambarana eny anivon'ny biraon'ny kaominina misahana ny toerana nahaterahana.
Ny fananganana kosa dia ray na reny mitaiza na te hitaiza no manao izany (tsy ray na reny niteraka izany). Misy karazany roa ny fomba fanaovana izany: fanambarana eny amin'ny biraon'ny kaominina na fangatahana eny anivon'ny Fitsarana.
Reconnaissance ou adoption ?
Ces deux procédures tendent à l'établissement d'une filiation.
La reconnaissance est réservée exclusivement au père biologique. Elle est faite par voie de déclaration du père biologique auprès du centre d'état civil (mairie) du lieu de naissance.
L' adoption est la procédure de création de la filiation (le lien biologique paternel ou maternel n'existe pas). Elle est faite par voie déclaration auprès du centre d'état civil (mairie) ou par voie de demande introduite auprès du tribunal.

Ady madio sa ady heloka?

Ny tanjon'ny ady madio dia ny fanonerana voina. Azon'ny mpangataka (mpitory) atao ny manatsahatra azy raha miova hevitra izy. Tsy misy fanagadrana ny sazy. Any amin'ny filohan'ny Fitsarana avy hatrany ny fangatahana no entina.

Ny tanjon'ny ady heloka kosa dia fanagadrana, fandoavana lamandy (vola aloha amin'ny fanjakana ho an'ny fiaraha-monina), ary onitra (vola aloha amin'ny niharam-boina). Tsy manana fahefana anatsahatra ny ady heloka eny amin'ny fitsarana ny mpitory na misintona ny fitoriana aza izy. Afaka apetraka any amin'ny zandarimaria, polisim-pirenena ary fampanoavana eny anivon'ny Fitsarana ny fitoriana.

Action civile ou action pénale ?

L'action civile tend à la réparation d'un préjudice. Le requérant peut se désister de son action et mettre ainsi fin à la procédure. Aucune peine d'emprisonnement ne peut être prononcée. La requête est à introduire auprès du Président du Tribunal.

L'action pénale (ou action publique) tend à l'emprisonnement, au paiement d'amende (sanction pécuniaire à acquitter pour la société) et de dommages-intérêts (sanction pecuniaire à payer auprès de la victime). Le désistement du plaignant ne met pas fin à l'action pénale. La plainte est à déposer auprès de la gendarmerie, de la police ou du ministère public.

Fisolokiana sa fivadiham-pitokisana ?

Ny fifanesen'ny fotoana nisian'ny fifanarahana sy ny fitaka no anavahan'ny lalàna ny fisolokiana sy ny fivadiham-pitokisana. Fisolokiana no misy raha nisy ny fitaka (safeli-dratsy) mba hisian'ny fifanarahana ka nanomezana fananana iray, izany hoe fitaka aloha vao fanomezam-pananana. Fivadiham-pitokisana kosa raha misy fifanarahana an-tsitrapo saingy teo amin'ny fanatanterahana izany fifanarahana izany no niseho ny fivadihana na fitaka, izany hoe fifanarahana aloha vao fitaka.

Escroquerie ou abus de confiance ?

La loi les distingue en déterminant l'ordre de évènements. Il y a une escroquerie s'il y a eu des manœuvres frauduleuses afin de provoquer la remise d'un bien (manœuvres dans un premier temps, remise dans un second temps). Il y a abus de confiance quand un accord a été librement consenti mais un détournement du bien remis à eu lieu dans l'exécution de cet accord (remise dans un premier temps, détournement dans un second temps).